### *Sahanasa voalohany*

1.Migaina ny masoandron' ny morontsiraka.
ZP

2.Nanoratra taratasy fisaorana ny zokiko.
RF ZP

3.Manakaiky ny fialantsasatra lehibe.
ZP

4.Sasao ny tanana alohan'ny hisakafo.
RF

### *Sahanasa faha 2*

1.Mahay kajy ny ankizy ao amin'ny kilasy fahenina.
RF ZP

2.Lavitra ny tanànan-dRakemba.
ZP

3.Mivarotra trondro ry Doda.
RF

4. Manaitra ny zaza matory ny varavaranao midridroka.
RF ZP

### *Sahanasa faha 3*

- Mihinana voankazo manta i Beby.
- Mianatra manjono Ibalita.
- Miteny irery i Mamy.

### *Sahanasa faha 4*

- Amboarina ny lalana mankany aminay.
- Sasao amin'ny savony ny fiarakodian'i dada.
- Arosoy ny vahiny ny vary.

### *Sahanasa voalohany*

1)Mamaky ny tononkalo sy ny fehezanteny
2)EM ao amin'ny tononkalo : mafy, mikiry, miepaka, vita, ikirizany, sarotra, domelina, lany
EM ao amin'ny fehezanteny : Mangatsiaka, manerika ary mamanala, mipetraka, vokatra,
lava sy ranjanana, ao, filoha.

| EM Andian-teny | EM Matoateny | EM Anarana | EM Mpamari-toetra | EM Mpisolo |
|---|---|---|---|---|
| Mangatsiaka, manerika ary mamanala | Mikiry | Hariva | mafy | Ao |
| Lava sy ranjanana | Miepaka | Vokatra | | |
| | vita | filoha | sarotra | |
| | Hainy | | Domelina | |
| | Tody | | Lany | |
| | Ikirizany | | | |
| | Mipetraka | | | |

### *Sahanasa faha 2*

1)Asa atao : Manadio, Mamaky, Milalao, Manondraka, Miasa
Toetra/Toe-javatra :
Trano : Madio, Milamina, Mahafinaritra
Olona : Faly

2)Manadio trano ny ankohonana.
Mamaky boky i Kanto.
Milalao sokatra I Fetra.
Manondraka voninkazo i Volazara.
Miasa birao i dada.
Madio sy milamina ny trano.
Mahafinaritra ny trano madio.
Faly ny mpianakavy.

## *Sahanasa voalohany*

1.Tonga vao maraina androany i <u>Neniraivo</u>.
L
2.Mangatsiaka be <u>ny andro</u> any ivelany.
L
3.Mitarika <u>ny zanany</u> ho eny amorom-parihy i Zery gana.
L
4.Hariva <u>ny andro</u>.
L
5.Lafo <u>ny akoho</u> amam-borona any an-tsena.
L
6.Nanampy <u>ny ankizy</u> sy ny tanora nanadio ny efitrano fanaovana lanonana izahay.
L
7. Vokatra <u>ny voasary</u> any ambany vohitra.
L

## *Sahanasa faha 2*

**Doro tanety**

Fa ê, ry setroka marina mafy
Mipololotra ka mainty **ny lanitra**
Ny tany malala nendaham-pitafy
Dia mbola ho faly amin'izao ve **Andriamanitra**?

**Ny ala mikitroka** taza**ko** teto
Kila sy hoto, midaraboka may
Ireo **biby** tsy levona velona sento
Vokatry ny asan'ny manam-panahy

Koa raha izao no mitohy, inona sisa
Havela ho lovan'ny taranaka afara ?
Mbola hino ve **ianao** fa ho paradisa
No amboarina isan'andro ho an'ity Gasikara ?

**Michel RAZAFILAHY**
in Vintsy, n°8, 1994

***Sahanasa faha 3***

Amboarina ny tranonay.
May ny ankabeazan'ny ala any antsinanana.
Tany mahafinaritra i Madagasikara.
Tsara raha mifankatia ny iray tampo.

## 12 NY TOVONA

***Sahanasa voalohany***

Mamboly : m-am- (v) oly
b
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Tafavoaka : tafa-voaka
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Miresaka : m-i-resaka
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Mahatanty : m-aha-tanty
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Manatsara : m-ana-tsara
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Mandevina : m-an- (l)evina
d
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Mandreraka : m-an- (r)eraka
dr
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Voatsindry : voa-tsindry
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Mahay : m-a-hay
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

Aroso : a-roso
Tsirin-teny tovona satria mipetraka eo alohan'ny fototeny

*Sahanasa faha 2*


Refy : mandrefy
Mandrefy lamba aho.
Rava : mirava
Mirava daholo ny mpianatra rehetra.
Hita : mahita
Mahita vahaolana amin'io olanao io izy.
Vaofy : voavaofy
Voavaofy daholo ny ovy.
Lany : mandany
Aza mandany andro miresaka fotsiny ianao.
Soa : mahasoa
Mahasoa anao ny mihinana ity fanafody mangidy ity.

## 13 NY FEHEZANTENY

*Sahanasa voalohany*

F1 : Mitazana eo am-baravarankely Rabary.
F2 : Mazoto mianatra tsara ny mpianatra.
F3: Tsy salama i Lita kely.
F4: Madio tsara ny efitranon'i Bema.

*Sahanasa faha 2*



- Milalao baolina ny ankizy.
  EM L



- Nahazo fandresena isika rehetra.
  EM L



- Mianatra mafy ireo mpanala fanadinana.
  EM L

### *Sahanasa faha 3*

| Fehezanteny tsotra | Fehezanteny mandidy | Fehezanteny manontany |
|---|---|---|
| Manasa tanana amin'ny rano sy savony izy. | Hajao ny fahadiovan'ny tanàna ! | Maninona no tsy mandray anjara amin'ny fanadiovana ianao ? |
| Manadio efitrano ny ankizilahy sy ny ankizivavy. | Arovy ny tontolo iainana ! | Manao ahoana ny fizarana ny asa rehetra ? |
| Manala ny lobolobo amin'ny manodidina ry zareo. | Diovy ny manodidina ny trano fonenana. | Rahoviana ianao no handalo aty aminay ? |

## 14 NY FOTOTENY

### *Sahanasa voalohany*

rovidrovitra : rovitra
nipoapoaka : n-i-poaka
mivanaka : m-i-vanaka
manatsara : m-ana-tsara

### *Sahanasa faha 2*

| Teny | Mivany tokana | Mivany roa | Mivany telo |
|---|---|---|---|
| Famolahana (folaka) | | | X |
| Mijery (jery) | | X | |
| Fahatongavana (tonga) | X | | |
| Mandratra (ratra) | | X | |
| Fankatoavana (to) | X | | |

### *Sahanasa faha 3*

a)

- vesatra
- joro
- tazana
- re

b)

efa : manefa
horona : manorona
re : mandre
ongotra : manongotra
ratra : mandratra
lady : mandady
zavona : manjavona

hovitra : mangovitra
ilika : manilika
lositra : mandositra
voraka : mamboraka
bosika :mambosika
gina : mangina
afaka : manafaka

## 15 NY LAHATSORATRA MANORITSORITRA

### *Sahanasa voalohany*

- Famakiana ny lahatsoratra milamina, milanto, mangina, amin'ny feo antonony arahan'ny fanakarana ny fomba entin'ny mpanoratra maneho hevitra.

Valin'ny fanontaniana :

a) " Ambohimarina" no lohatenin'ny lahatsoratra, ary Emile RAZANAMINO no nanoratra azy.

b) Teny mitovy hevitra amin'ny :

- makadiry : lehibe
- madinidinika : kelikely,tsy dia lehibe
- miolikolika : miholankolana

d) Teny mifanohitra amin'ny:

- mamerovero : maimbo, mandefa fofona ratsy, mantsina
- mahafinaritra : mahasorena
- malalaka : tery, ety.

e) Tanàna makadiry ny tanànan'Ambohimarina, madinidinika milalotra fotsy ny ivelan'ny trano ary tanàna madio. Milahatra manodidina ny kianja ny trano ary ny tanàna dia voahodidina tanimboly sy tanimbary ary saha.

- Eo an-tampon-tanety malalaka no misy ilay tanàna. Lehibe ny tanàna, misy trano telon-jato.
- Raha jerena ivelany ny tanàna dia misy trano madinika milalotra fotsy.

  - Manao ahoana ny toetry ny tanàna ? madio, maloto, milamina, mikorontana.…

- Ny toetry ny tanàna: madio lavitry ny loto.
- Ny zava-misy manodidina ny tanàna :

  - tanimboly no manodidina ny tanàna.
  - Kianja no eo ampovoan'ny tanàna.
  - Kininina manitra no manakaiky ny voarabe.
  - Voarabe midoroboka sady avo manerinerina no eo ampovoan'ny kianja.
  - Tanimbary no ao ambany atsimo sy avaratra ary atsinanana.
  - Saha mahafinaritra no ao ambany andrefana.
  - Ony makadiry miolikolika no ao atsimo.

### *Sahanasa faha 2*

a) Famoronan-dahatsoratra manoritsoritra

Ao Ambohimahatamana no misy ny sekoly filamatra. EPP Ezaka no natao anarany. Trano lehibe iray, milalotra ary miloko fotsy ny EPP Ezaka. Roa no isan'ny efitrano. Mitafo fanitso ny trano ary vita rarivato ny fototra.

Mitodika mianandrefana izy io ary ao andrefana koa no misy ny vavahady. Malalaka ny tokontany, ka eo anoloana afovoany no misy ny sainam-pirenena. Misy trano fivoahana miefitra roa avy ao atsinanana. Voafefy manodidina ny faritry ny sekoly. Hazo natsatoka sy natsivalana no natao fefy.

Lemaka iray eny an-tampon-kavoana no nanorenana ny EPP Ambohimahatamana. Madio ny rivotra ary tsara endrika sy mahafinaritra ny sekoly rehefa tazanina.

b) Ireo teny maneho fanoritsoritana :

- toerana : an-tampon-kavoana, lemaka
- Bika na endrika : lehibe, fotsy, rarivato
- toetra / hatsarana : malalaka, madio, tsara, mahafinaritra,
- habaka : mianandrefana/ andrefana, anoloana, afovoany, atsinanana, manodidina, lavitra,
- Isa : roa, iray

*Sahanasa voalohany*

**II- Valim-panontaniana :**

1. Olona tia "Tanindrazana" ny olom-banona.
2. Ny tanindrazana dia ny trano nahalatsahan'ny tavoniny, ny vohitra kely nomen'i Dada sy i Neny, ny fasana mirakitra ny taolam-balon'Ikakibe sy Inenibe,ary i Madagasikara. Tanindrazana ihany ko any ny olona iray ra amin'ny tena, ny foko mitovy volon-koditra amin'ny tena, manan-toetra sy fomba iombonany amin'ny tena.
3. Madagasikara no Tanindrazan'ny Malagasy satria iray firenena ny Malagasy rehetra, samy monina eto Madagasikara daholo na dia samy hafa fiaviana aza.
4.Tsy azo sarahina amin'ny Tanindrazana ny ny tantarany sy ny teniny ary ny harena amam-bokatry ny taniny.

**III- Tsipio izay voalaza ao amin'ny lahatsoratra :**

1.> b.mirakitra ny fanaon'ny razana teo aloha
2.> d. mitahiry ny fahendrena sy ny fihetseham-pon'ny razana izany.

**IV-Lazao raha marina na diso ny voalazan'ireto fehezanteny ireto. Ahitsio raha diso :**

1. Diso. Ilaina izany fa izay mikasika ny tany nametrahan'Andriamanitra ny tena no tokony ho hay tsara voalohany indrindra.
2. Marina

*Sahanasa faha 2*

Sary voalohany : Sary maneho ankizy manary fako eny an-dalàna.
Tsy maneho fitiavan-tanindrazana satria mandoto.

Sary faha 2 : Sary maneho sainam-pirenena
Maneho fitiavan-tanindrazana ny fanajana azy.
Tsy fitiavan-tanindrazana kosa ny tsy fanajana azy.

Sary faha 3 : Sary maneho ankizy mianatra mafy.
Maneho fitiavan-tanindrazana izany satria mila olona mahay ny ankohonana sy ny firenena mba tsy ho lasa vesatra ny olona.

Sary faha 4 : Sary maneho olona mamboly hazo
Maneho fitiavan-tanindrazana izany satria mikolokolo ny Tanidrazana.

### *Sahanasa voalohany*

Fahalebeazana : f-aha-lehibe -az – ana
f : tovona famoronana anarana
Tsirin-teny sara-droa : aha ……ana (aloha sy ao aorian'ny fototeny)
fanita-pototeny: -az- ( tsirin-teny novolena mba hitombona ny teny)

fianarana: f – i – ana (tra) – ana
r
f : tovona famoronana anarana
Tsirin-teny sara-droa : i……ana (aloha sy ao aorian'ny fototeny)

Resahina: Φ – resa (ka) – ina
h
Tsirin-teny sara-droa: Φ ……ana (aloha sy ao aorian'ny fototeny)

Ijoroana: i – joro – ana
Tsirin-teny sara-droa : i ……ana (aloha sy ao aorian'ny fototeny)

Anoratana an- (s)oratr(a) – ana
t
Tsirin-teny sara-droa : an ……ana (aloha sy ao aorian'ny fototeny)

### *Sahanasa faha 2*

Jery : fijerena
Tsy mitsahatra ny fijerena ny maso.

Oty : fiotazana
Fotoana fiotazana manga izao.

Anatra : fianarana
Fianarana lakozia no mahaliana an'i Zoky.

Fantatra : ampahafantarina
Ampahafantarina anao fa tsy azo amidy ity tany ity.

Reraka : arerahana
Tsy tsara ny arerahana diso tafahoatra.

*Sahanasa voalohany*

• Tomany : t – om – any
Tsofoka fanatevenana fototeny : -om- (tsirin-teny ao aorian'ny renifeo voalohany amin'ny fototeny)

• Homana : h – om – ana
Tsofoka fanatevenana fototeny : -om- (tsirin-teny ao aorian'ny renifeo voalohany amin'ny fototeny)

• Renesina : re – n – es – ina
Tovana : ina (ao aorian'ny fototeny)
Fanita-pototeny : -es- ( tsirin-teny novolena mba hitombona ny teny)
Fanatsaram-peo : -n-

• Mampanjaitra : m – amp – an - (z) aitra
j
Tovona : m – an –
Tsofoka fanatevenana tovona mivaky : -amp- (tsirin-teny eo anelanelan'ny tovona mivaky)

*Sahanasa faha 2*

Jery : mifampijery
Tsy mitsahatra mifampijery izy ireo.

Tombana : tomombana
Tomombana tsara ny fanadinana natao.

Tady : mampitady
Mampitady mpanampy ho anao izy.

Sasa : mampanasa
Mampanasa lamba izahay.

Tia : mifankatia
Mifankatia ny mpianakavy.

### *Sahanasa voalohany*

Fanadihadiana lahatsoratra

a)- Fenoy ny fafana

| Asa mitaky herim-batana | Asa mitaky herim-batana sy herin-tsaina miaraka |
|---|---|
| - fambolena<br>- fiompiana | taozavatra samihafa : rary, tenona |

b- Lazao ny vokatra azo avy amin'reo asa voatanisa ireo:

| Asa | vokatra |
|---|---|
| Fambolena sy fiompiana | taozavatra samihafa : rary, tenona |
| Taozavatra samihafa | zavatra ilaina amin'ny fiaimpiainan'ny tokantrano |
| Rary | satroka |
| Tenona | jiafotsy, lambamena |

d- Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa miantoka ny aim-pirenena ny fambolena sy ny fiompiana:

Miantoka ny aim-pirenena ny fambolena sy fiompiana satria mpamboly sy mpiompy ny maro an'isa amin'ny Malagasy. Ny vokatra azo avy amin'ny fambolena sy fiompiana no mamelona ara-tsakafo ny mponina rehetra. Rehefa miakatra ny vokatra dia velom-panantenana
ny tantsaha. Izay vokatra tsy atao sakafo dia azo amidy hahazoana
vola. Hisondrotra ny fari-piainan'ny tsirairay sy ny fianakaviana ary ny isam-paritra.

### *Sahanasa faha 2*

a) Ny atao hoe "asa" dia fampihetsehana ny vatana sy ny saina amam-panahy, mandreraka azy, nefa ahazoana vokatra.
Ny asa koa dia raharaha, zavatra atao mba hahazoana vola sy valin-kasasarana hamelomana tena , ankohonana.

b) Asa tany, fambolena sy fiompiana, varotra, taozavatra, fitaterana, asa amin'ny orin'asa, fampianarana, fitsaboana, fanjonoana an-dranomasina, asa fampitambaovao, asa fitsarana, asa fandraharahana, asa amin'ny orinasa, …

d) Valiny roa ihany amin'ireto na hafa koa no takina :
• Asa mitaky herim-batana : fambolena, fiompiana, tsaka rano, mitarika posy na sarety ...
• Asa mitaky herin-tsaina : fampianarana, fitsaboana, asa birao, fitsarana, mpitandro filaminana, mpitondra fivavahana,...
• Asa mitaky herim-batana sy herin-tsaina miaraka : rary, taotrano, sokitra, tenona, rafitra....

### *Sahanasa faha 3*

Fanazavana ny ohabolana : "Zararao ny raharaha: ny tapatanana miandry ondry, ny tapa-tongotra mitoto vary."
Tsy vitan'olon-drery ny asa fa mila fifarimbonana sy firaisankina. Misy ny asa tsy natao ho vitan'ny iray, ohatra, fa ny iray hafa no afaka manao izany.
Samy manana ny asa manandrify azy ny olona tsirairay na dia izay heverina ho manan-kilema aza. Samy manao araka ny fahafahany sy ny asa sahaza azy koa ny tsirairay. "Izay tsy mahay sobika , mahay fatam-bary", hoy ny fiteny.

## 20 NY TOETRA TAKIN'NY ASA

### *Sahanasa voalohany*

Fanadihadiana lahatsoratra
a) Asa tanana, zaitra no resahina eto.
b) Araka ny lahatsoratra dia mahavelona tsara io asa io.
d) Ny herim-po no nampahomby ny asany: nanomboka tamin'ny zaitra an-tsena isan-kerinandro; ary lasa mpanjaitra fantatr'olona sady nitokisan'ny olona mpampan-jaitra.
e) Manana fikirizana izy ka niezaka hamita ny asany ara-dalana.

### *Sahanasa faha 2*

a) Ny antony iasana
Tsy maintsy miasa ny olona mba hahafahana mivelona : tsy hahazo vokatra toy ny sakafo raha tsy miasa sy mamboly na miompy. Hahazoana vola hamelomana ny ankohonana koa ny asa . Ilaina ny miasa mba hanaovana adidy eo amin'ny eo amin'ny fiaraha-monina, hanampiana ny hafa. Mila manatanjaka tena sy mampivoatra ny saina koa ny olona ka tsy maintsy miasa.

b) Ny tombontsoa amin'ny asa atao :
- Foto-pivelomana ny asa : ahazoana sakafo ary ahazoana vola.
- Tsy mba menatr'olona ny olona manana asa fivelomana.
- Mampilamin-tsaina ny fananana asa .
- Ahazoana fahafinaretana ny asa rehefa atao tsy an-tery sy amin'ny fo

d) Toetra tokony hananana hampandroso ny asa :
- manana fitiavana ny asa atao : rehefa tiana ny asa, dia mahafinaritra ny manao azy, tsy mety kivy ny tena.
- manana faharetana amin'ny asa: rehefa manao asa iray dia vitaina hatramin'ny farany. Mety ho azo tapatapahana, fa tsy maintsy tohizana amin'ny manaraka.
- miezaka ny hanatsara : tsy mionona amin'ny efa hay fa mitady ny tsaratsara kokoa hatrany.
-manana tanjona: mamaritra hoe ny asa atao dia misy antony ary mikendry ny tsara sy mahasoa hatrany.

### *Sahanasa faha 3*

a) Asa mitaky herin-tsaina: asa fampianarana, asa fanaovan-gazety

b) Asa mitaky herim-batana: asa tany, asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

d) Mitondra soa ho an'ny firenena ny asa tany satria:
ny mpiasa tany no mamokatra ny sakafo iveloman'ny mponina . Izy koa dia afaka mamokatra ambim-bava azo aondrana ampidiram-bola ho an'ny firenena. Ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany dia mahazo ny akora mampiodina ny orin'asa izay mamelona olona maro. Aondrana any amin'ny firenenkafa hampidirana vola ho an'ny firenena ny vokatry voahodina amin'izany.

e) Mitondra soa ho an'ny firenena ny asa fampianarana satria ny mpampianatra no manao izay hahazoan'ny mpianatra marobe fahaizana sy fahalalana. Ireo mpianatra dia afaka hampandroso ny firenena rahatrizay rehefa mahay sy manam-pahalalana. Ny faznaovan-gazety no ahafahana mampita ny vaovao sy ny zava-misy. "Izay liam-baovao, liam-pandrosoan", hoy ny fiteny.

## Sahanasa voalohany

Hiraina : hira-ina
Herezina : her (y) – z – ina
e
Sotroina : sotro -ina
Arovana : aro-v-ana
Sokafana : soka(tra) -ana
f
Kapohy : kapo (ka) – y
h
Tereo : ter (y) – o
e
Torio : tor (y) – o
i

## Sahanasa faha 2

Refy : refesina
Refesina amin'ny metatra ny lamba.
Hety : hetezana
Hetezana ny volony.
Valy : valio
Valio ny fanontaniako.
Antso : antsoina
Antsoina foana izy.
Jono : jonoina
Jonoina amin'ny fintana ny trondro.
Velona : velomina
Velomina ao anaty rano ny trondro.
Tratra : tratrarina
Tratrarina amin'ny fomba rehetra ny tanjona.
Tefy : tefena
Tefena amin'ny volafotsy ny kavina.
Satroka : Satroy
Satroy io satroka io.
Tapaka : tapaho
Tapaho ny hevitrao.
Taratra : tarafina
Aza tarafina amin'ny jiro aho aloha.

## 22 NY FEHEZANTENY TSO-DRAFITRA

### *Sahanasa voalohany*

Fzt 1 : Mafana ny andro.
EM L

Fzt 2 : Faly i Rova sy i Bera.
EM L

Fzt 3 : Hotapahina ilay hazo eo andrefana.
EM L ZP

Fzt 4 : Namboly voamanga izahay sy i dadabe.
EM RF L

Fzt 5 : Lava ny fotoam-pivavahana androany.
EM L ZP

### *Sahanasa faha 2*

Sahanasa faha 2

1. Tsena : Tsena ny andro anio.
2. Harena : Harena ny zanaka.
3. Miramirana : Miramirana avokoa ny ankizy nahazo.
4. Atsimo : Nindramin-dry zareo atsy atsimo ny angady.

## 23 NY FEHEZANTENY MIVADI-DRAFITRA

### *Sahanasa voalohany*

1. Ny anjara asan'ny teny

Fzt 1: Dadatoa Robera no filohan'ny fokontaninay.
L kianteny EM RF

Fzt 2: Ny fiteniny dia tsy azoko.
L ZP kianteny EM

Fzt 3: Ilay hazo eo andrefana no hotapahina.
L ZP kianteny EM

| | | |
|---|---|---|
| Fzt 4: Ny asa | dia | mafy. |
| L | kianteny | EM |

| | | |
|---|---|---|
| Fzt 5: I Zara | no | nitomany. |
| L | kianteny | EM |

### *Sahanasa faha 2*

1. Ny tsirairay dia hijinja izay nafafiny.
2. Ny saka no nangalatra ny laokanao.
3. Ny laokanao dia nagalarin'ny saka.
4. Rahavaviko io vehivavy manao solomaso io.

### *Sahanasa faha 3*

2-Fehezanteny mivadi-drafitra :
I Bera bitro sy i Rova saka dia mpinamana hatry ny ela.
Ny tany koa dia karakaina !
Ny renirano atsy avaratra moa dia ritra mihitsy !
Izy ireo no hamboly hazo.

## 24 NY FOTOTENY VERINDROA

### *Sahanasa voalohany*

| | |
|---|---|
| Fohifohy | Henoheno |
| Ridritra | Paipaika |
| Fanimpanina | Ranorano |
| Verivery | Tsaratsara |
| Rediredy | |

### *Sahanasa faha 2*

1. Matetika – mandrivotra - tondraka – tapaka – difotra – mampatahotra – kotroka – tselatra

2. Matetitetika –mandrivodrivotra – tondratondraka – tapatapaka – difodifotra – mampatahotahotra – kotrokotroka – tselatselatra

3. Tonga ny fahavaratra. Avy matetitetika ny orana ary mandrivodrivotra ihany koa ny andro. Saika tondratondraka daholo ny renirano eny rehetra eny. Indraindray moa dia tapatapaka mihitsy ny hazo. Difodifotra ny ankamaroan'ny voly sy ny tanimbary. Mampatahotahotra ny kotrokotroka sy ny tselatselatra.

## 25 NY ENDRIKY NY FOTOTENY

### *Sahanasa voalohany*

1- Teny tsotra tsy manana teny hafa niaviany intsony ireto : sosa , lavaka

2- Mety amoronana teny hafa izy ireo. Ohatra : misosa, lavahana

3- Ny isan'ny vaninteny avy ireto fototeny ireto :
arika : mivany telo
tapaka : mivany telo
joro : mivany roa
rava : mivany roa
zo : mivany tokana
toto : mivany roa
sakana : mivany telo

4- Ny tsindrim-peo :
arika : arìka
tapaka : tapakà
joro : jorò
rava : ravà
zo : zò
toto : totò
sakana : sakanà

5- Ny laharany :
arika : vaninteny faharoa
tapaka : vaninteny fahatelo
joro : vaninteny faharoa
rava : vaninteny faharoa
zo : vaninteny voalohany
toto : vaninteny faharoa
sakana : vaninteny fahatelo

6- Ny endrik'ireo fototeny ireo :
arika : fototeny migadona
tapaka : fototeny mitsaikona
joro : fototeny migadona
rava : fototeny migadona
zo : fototeny mitsatoka
toto : fototeny migadona
sakana : fototeny mitsaikona

### *Sahanasa faha* 2

1- ratra, sarika, lena, to

2- ratra : mandratra, ratrana, faharatrana
sarika : misarika, fisarihana
lena : mandena, fandemana, lemana
to : toavina, fankatoavana